
# Mankarary ny misotro rano maloto sy ny tsy fahampian'ny fahadiovana

Anatin'ity boky zaitra ity no ahafantaranao ny tokony hatao, mba hisorohana ny aretina aminao sy ny fianakavianao.



# Fiaviany sy fitamberenan'ny rano



Ny rano ety an-tany dia manjary ho entona rehefa tratran'ny herin'ny masoandro. Mitangorona izy ireo, dia mifinina eny amin'ny abakabaka ary lasa rahona. Farany dia lasa orana na rano mandry milatsaka no hiafarany. Ny hamaroan'ny rano eto ambonin'ny tany dia misy 1'365 tapitrisa km³.

**Ny tontolo laianana misy:**

**97.5%:** Rano masina
**2.5%:** Rano mamy

**Ny eran - tany**

**68.9%:** Oram-panala na rano mandry eny an-tendrombohitra
**30.8%:** Rano ambanin'ny tany
**0.3%:** Farihy, renirano sakelidrano madinika

# Fidio ny fomba tsara ahazahoana rano madio tena fisotro



1) Mandavaka fantsakana lalina



2) Manao “forage”ambanin’ny tany



3) Maka rano amin’ny fototrin’ny loharano




4) Manampina ny sakelindrano madinika



5) Manangona ranon’orana


# Mandoto rano ny olombelona sy ny biby



# Ny fako andavan'andro sy ny rano maloto mivoaka avy amin'ny ozinina manao tao-java-baventy dia mitondra aretina amin'ny rano




# Ny tena mandoto ny rano dia ny fivalana na avy amin'ny olombelona sy ny biby izay lasa otrikaretina antsoina hoe: E-coli




# Inona ny atao hoe otrikaretina?


Ny otrikaretina dia zava-manan'aina madiniky tsy hitan'ny maso, ka tsy maintsy mampiasa mikroskopy" vao mahita azy.




Endrikin'ny otrik'aretina



Escheria Coli



Choléra



Protozoaires (na biby voalohany tany ampiandoana)

Ny tsimokaretina, na protozoaires na ny olatra tsy fihinana dia samy otrikaretina avokoa.

Misy kosa ny otrikaretina ilaina amin'ny fanamboarana sakafo samy hafa toy ny labiera, fromazy, yaorta, na lalivay fanaovana mofo.


Anatin'ny rano maloto, misy ortrikaretina mamparary:

- **E-coli,** mampivalana, mampandoa, manome aretin-kibo
- **Salmonely** koa mampivalana, mampandoa na manome aretin-kibo sy aretina'an-doha
- **Kolerà** dia aretina mazana mihatsy fivalanana tena fatratra.

# Zavatra hafa mitondra aretina

- Ireto zavatra momban'ny kemistra ireto dia mandoto ny rano fisotro: **Arsenic, fira mainty, vy, fluor, manganèse,** satria poizina ireo ary manova ny fofon'ny rano sy ny tsirony.
- Faikan'ny **Zeziky** amin'ny kemistra fanalana ahi-maintso.
- Ny **Bilarziozy** dia miditra amin'ny oditrao, raha molimano amin'ny farihy, na rano tsy miriaka misy an'io.


# Ny rano maloto feno otrikaretina dia mankarary



# Manamboara lavadrano tsara fantsakana, ary ataovy lavitry ny otrikaretina izy io





# Arovy tsara ny toerana fantsakana, ary diovy matetika amin'ny fomba mitoky, ka aharitra ela



# Tantavano ny ranonao!

(Misy fomba maro hanaovana izany!)





Avela hidina any amin'ny fara-vodiny mandritrin'ny iray andro ny faikany!




Azo tantavanina amin'ny lamba madio tsara koa ny rano



Fanatantavanana jogy Tanimanga




Labozy Tanimanga





Fanantatavanana 3 sosona: fasika, vatokely, ary vato lehibebe

Ny sosona biolozika dia miforona ho azy miaraka amin'ny otrika-retina mahasoa, ary io indray mamono ny otrikaretina ratsy.





Ny fasika mavotsavotsa fanantatavanana dia afaka manadio rano ho an'ny vohitra iray manontolo.


# Arovy amin’ny otrikaretina ny ranonao mba hadio !




Diovy amin’ny kemistra azo antoka sy mora hita na SURO ny ranonao





Ampandevezo iray minitra ny rano.





Diovy amin’ny tara-masoandro ny ranonao: **UVC** (www.aqua-pura.org)


# Tehirizo amin'ny barika na gamela lalina madio ny rano!



# Diovy matetika sy kojakojay tsara ny trano fivoahanao!










# Sasao amin'ny savony ny tananao rehefa avy any amin'ny trano fivoahana, na alohan'ny fikarakarana sy ny fihinanana sakafo!



# Esory mandrakariva ny fako sy ny rano maloto!



# Aoka ny lavapiringa mba tsy handoto ny rano any ambanin'ny tany!


Any amin'ny tanàna lehibe be mponina, aoka mba tsy handoto ny rano any ambanin'ny tany ny zava-maloto avy ao amin'ny gabone. Ireto misy vaha-olana samy hafa:

1. **Manorena lavapiringa tsy tanteradrano,** ka afaka loarana rehefa feno.




Ny trano fivoahana enina dia ho aorina eo ambony

2. **Manamboara lavapiringa misy fantsona,** mba hisaraka ny ventiny sy ny ranony.




3. **Manamboara gabone ekolozika**
Asio barika ao ambany toerana fivoahana mba hanangonana ny zava-maloto. Rehefa feno io, dia ataovy anaty fanarian-javatra mihidy tsara mba ho lasa zezika.




1. Varavarana fidirana
2. Fantsona fanalana ny maloto
3. Hazo fisaka na takela plastika
4. Fipetrahana amin'ny gabone sy ny sarony.
5. Lantonoara fampitohizana
6. Barika vita plastika 60 litatra
7. Fantsona mamoaka rivotra

4. **Tokony hifandray amin'ny tatatra fanariandrano maloto ny trano fivoahana**

Namokatra ny sary: CAWST, Calgary, CA
Rakotonanahary, sary: Preisig AG, Zürich, Suisse

www.watsanaid.ch CH-8050 Zürich, Suisse www.preisig.ch